Mety ho very indray ve ny famonjena efa azon'ny mpino ?

Mety ho very indray ve ny famonjena efa azon'ny mpino ?

" ...ny fanantenana napetraka eo anoloantsika, izay ananantsika ho vatofantsiky ny aina sady mafy no tsy mihetsika ary miditra any anatin'ny efitra lamba ; tany no nidiran'i Jesoa ho mpialoha antsika"

Hebreo 6. 18-20

P. Fuzier

Bibles et **P**ublications **C**hrétiennes
30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Imprimé en France

ISBN : 978-2-87907-390-3
Un croyant, peut-il perdre le salut ?
Couverture, photo : Paul Jacquin

Mety ho very indray ve ny famonjena efa azon'ny mpino ?

Tsy mamela mahazo mihitsy ny Devoly. Kotraniny mandrakariva ireo kristiana. Miasa tsy miato izy[1]. Mijoro miampanga an'ireo mpino eo anatrehan'Andriamanitra andro aman'alina izy[2]. Ny hamingana sy ny hampikorontana azy ireny no tanjony. Tsy miova ny fomba fiadiny amin'ny fanatanterahana izany asa ratsiny izany, hatrany am-boalohany. Mandraka ankehitriny, mba hanozongozonana ny finoana, dia afafiny ao ampon'ny olona ny fisalasalana, ary mbola ny hoe « Hanky, efa nataon'Andriamanitra hoe... ? » toy ny tao amin'ny Genesisy 3. 1 ihany no ampiasainy amin'izany.

Firifiry tokoa moa ny olona mikorotan-tsaina manoloana ny fanambaràna efa mazava be izao raketin'ny Soratra Masina ? Ambaran'ny Soratra Masina, ohatra, fa ny finoana no hahazoana ny fanamarinana eo imason'Andriamanitra, kanefa mbola maro ihany ny miahiahy ny amin'izany ! Izany no porofo fa mbola milofo hatrany amin'ny fanafihana ataony ilay fahavalo. Ampiasainy ny Tenin'Andriamanitra, toy izay nataony tamin'ny Tompo Jesoa tany an'efitra[3]. Ampiasainy, ohatra,

---

1. Joba 1. 7 ; 2. 2 • **2.** Apokalypsy 12. 10 • **3.** Matio 4, 6 ; Lioka 4. 10

ny teny voasoratra ao amin'ny Jakoba 2. 24 manao hoe « Koa dia hitanareo fa hamarinina amin'ny asa ny olona fa tsy amin'ny finoana ihany ». Ary dia ampian'i Satana hoe : « Hitanao fa tsy tomombana ny fitondrantenanao ! – Aiza izao izay mba asa vitanao ? Mino ianao, nefa tsy ampy izany ; ny Tenin'Andriamanitra mihitsy anie no milaza fa tsy hamarinina amin'ny finoana fotsiny ny olona e ! »

Dia mitanisa andinin-tSoratra Masina maro hafa eo izy. Aholany ny hevitr'ireny Tenin' Andriamanitra ireny, ary ampidiriny hahazo laka ao amin'io fanahy efa feno fanahiana io ny fisalasalana. Raisiny ny Romana 11. 22 : « ... hotapahina koa ianao », na ny Filipiana 2. 12 : « Miasà amin'ny tahotra sy ny hovitra hahatanteraka ny famonjena anareo ». Raisiny koa ny Hebreo 6. 4-6 mba handresen-dahatra ny mpino fa mbola mety ho very mihitsy tokoa ny famonjena efa noraisin'ireo olom-boavotr'i Kristy.

Ampiasainy io teny ao amin'ny Hebreo 6 io hamongorana tanteraka ny fanantenam-panarenana indray an'ireo lavo. Voalaza ao amin'io andininy io mantsy fa « izay efa nohazavaina indray mandeha sady efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra sy efa nandray ny Fanahy Masina, ary efa

nanandrana ny teny tsaran'Andriamanitra sy ny herin'ny fiainana ho avy, nefa mihemotra, dia tsy azo havaozina indray ho amin'ny fibebahana, satria manombo ny Zanak'Andriamanitra indray amin'ny hazofijaliana ka manao Azy ho fahamenarana ». Dia Indro fa voafatotry ny fanahiana ilay olona efa sahiran-tsaina fatratra... Mitambesatra ao an-tsainy ny hoe 'voavonjy ary ve aho sa ahoana ?' Matahotra izy satria toa tsy mahavita asa firy mba hahazoana antoka ahay an'io famonjena io, na mba hihazonana izany tsy ho votsotra indray.

Misy fanamarihana roa sosona ity : mampididoza ny tsy famelarana ny ampahan-teny notsongaina avy ao amin'ny Soratra Masina amin'ny lahatsoratra iray manontolo nakana azy. Etsy an-daniny koa anefa, iray tsy mivaky ny Fanambaràna. Voalaza ao amin'ny Tenin' Andriamanitra ny hoe « Marina ny fitsipik'i Jehovah, eny mahitsy avokoa »[4]. Maneho amintsika io teny hoe « avokoa » io fa tsy maintsy ampifandraisina amin'izay fahamarinana voalazan'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly iray manontolo ny hevitry ny andalana anankiray. Ireo fomba fijery roa ireo no tsy maintsy ampiharintsika mandrakariva rehefa

---

4. Salamo 19. 9

manadihady ampahan-teny avy ao amin'ny Soratra Masina isika.

Hamarinina eo imason'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana.

Toy izao no nosoratan'ny apôstôly Paoly ho an'ny Romana, raha niresaka ny amin'ity fanamarinana ity izy : « Fa ho an'izay tsy miasa kosa, fa mino Izay manamarina ny ratsy fanahy, dia ny finoany no isaina ho fahamarinana »[5]. Ny fampianaran'ny apôstôly Jakoba kosa manao hoe : « Koa dia hitanareo fa hamarinina amin'ny asa ny olona fa tsy amin'ny finoana ihany »[6]. Toy ny hoe mifanipaka ireo andininy anankiroa ireo, raha toa ka esorina amin'ny lahatsoratra manontolo nakana azy avy, ka hampikorontan-tsaina ny maro.

Tsy maintsy atao mazava tsara fa lohahevitra roa samy hafa mihitsy no vahavahan'ireo ampahan-teny anankiroa ireo. Ny fanamarinana eo imason'Andriamanitra no vaindohan-dresaky ny epistily ho an'ny Romana. Ny fanamarinana eo imason'ny olona kosa no resahin'ny epistilin'i Jakoba. Andriamanitra no mahay mamaky ny ao am-poko. Ao no itsarany ny tena fananako

---

5. Romana 4. 5 • **6.** Jakoba 2. 24

finoana marina tokoa, na tsia ; fantany io na tsy arahina asa aza. Ny olona manodidina ahy kosa tsy afaka hamantatra ny fananako finoana, raha tsy hitany amin'ny asa ny vokatr'izany finoako izany : « Izaho kosa haneho aminao ny finoako amin'ny asako »[7].

Samy nandray ny ohatra mikasika an'i Abrahama na i Paoly na i Jakoba, ao amin'ireo ampahan-tSoratra Masina roa ireo. Nindrana ny tantara niseho tany amin'ny Genesisy 15 ny Romana 4 : « Jereo ange ny lanitra ka isao ny kintana... ho tahaka izany ny taranakao ». Izany no teny nolazain'Andriamanitra tamin'i Abrahama. « Ary nino an'i Jehovah izy ka dia nisaina ho fahamarinany izany » (and. 5, 6). Izany no manaporofo fa ny finoana fotsiny ihany dia efa ampy hahavonjy. Io andininy io no tsiahivin'ny Romana 4. 3, 22. Mbola io andininy io ihany koa no tanisain'ny Jakoba 2. 23, saingy ialohavan'ny teny hoe : « Ary tanteraka ny Soratra Masina manao hoe... » Oviana moa no tanteraka io tenin'ny Soratra Masina io ? Rehefa nanatitra an'i Isaka ho fanatitra i Abrahama (and. 21). Efa tany aloha elabe ny tantara tantaraina ao amin'ny Genesisy 15, izay fotoana nilazana an'ilay teny tanteraka soa aman-tsara tao amin'ny

---

7. Jakoba 2. 18

Genesisy 22. Mbola tsy teraka akory i Isaka tamin'io fotoana io : ny finoana izany no nialoha ny asa – tsy inona moa ny asa fa voa entin'ny finoana sy natao ho vavolombelona eo imason'ny olona. Nisy ny vavolombelona tao amin'ny Genesisy 22 – « ireo zatovolahy anankiroa » – eny fa na tsy nandeha hatreny amin'ny toerana nanaterana ny fanatitra aza izy ireo.

Inona avy no vokatr'ireo toe-javatra anankiroa ireo, ny tao amin'ny Genesisy 15 sy ny tao amin'ny Genesisy 22 ?

Genesisy 15 : nino an'Andriamanitra i Abrahama, ary « nisaina ho fahamarinany » izany. Ny finoany no nanamarinana azy teo imason' Andriamanitra. Tsy nisy nidiran'ny asa tamin' izany : « Ho an'izay tsy miasa kosa, fa mino... »[8].

Genesisy 22 : maneho ny finoany ireo asa nataony. Tsy voalaza eto mihitsy hoe nisaina ho fahamarinany ny asa nataony.

Hafatra roa samy hafa no nampitondraina ho an'i Abrahama, rehefa izany. Indroa miantaona mantsy no voalaza fa niantsoan'Ilay Anjelin'i Jehovah azy : « Fa niantso azy Ilay Anjelin'i Jehovah tany an-danitra... » (and. 11) ; « Dia niantso an'i Abrahama fanindroany avy any an-danitra Ilay Anjelin'i Jehovah ka nanao hoe... »

---

8. Romana 4. 5

(and. 15). Inona avy ireo hafatra anankiroa ireo ? Ny voalohany dia hoe : « Hitako izao fa matahotra an'Andriamanitra ianao » (and. 12). Ny faharoa : « Satria nanao izany zavatra izany ianao... dia hitahy anao tokoa Aho » (and. 16-18).

Mazava izany fa ny finoana no hanamarinana antsika eo imason'Andriamanitra. Tsy manampy na inona na inona amin'ilay famonjena, izay efa lavorary rahateo ary tsy azo raha tsy amin'ny alalan'ny finoana tokana ihany, ny asa izay niantsoana antsika. Natao hanehoana ny fananantsika an'izany finoana izany amin'ireo manodidina antsika ny asa. Natao hanaporofoana izy ireny fa miaina ao anatin'ny fahatahorana an'Andriamanitra tokoa isika[9]. Tsy ny asa mihitsy akory no mahavonjy antsika. Manolotra ho antsika ny fitahiana kosa izy[10]. Azonao vakina ho fanamafisana izany izay voalaza ao amin'ireto andininy ireto : Efesiana 2. 8-10 ; Titosy 3. 5-8 ; Galatiana 2. 16.

Ndeha hanampintsika izany ny voalazan'i Paoly ao amin'ny Romana, raha miresaka ny amin'io fanamarinana io ihany izy : Andriamanitra no manamarina[11], hoy izy, Andriamanitra fa tsy ny olona. Nahoana moa Izy no manamarina ? Satria Andriamanitry ny

---

9. Genesisy 22. 12 • **10.** Genesisy 22. 16, 22 • **11.** Romana 8. 30, 34

fahasoavana Izy : « Hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany izy »[12]. Ka ahoana no ahafahany manamarina ny tsy marina, kanefa Andriamanitra marina sy masina Izy ? Amin'ny alalan'ilay asa notanterahina teo amin'ny hazofijaliana : nalatsaka ny ran'i Kristy ka tonga « nohamarinina tamin'ny rany isika »[13]. Ny finoana dia efa ampy hamitranana ny fihavanana amin'Andriamanitra : « efa nohamarinina tamin'ny finoana isika »[14].

Tafaray mandrakizay amin'i Kristy.

Tsy sehatry ny famonjena ny fanahy akory no resahina ao amin'ny Romana 11. Ho diso fandray an'izay fonosin'io toko io isika raha mihevitra toy izany.

Mampianatra antsika ny andininy maro hafa ao amin'ny Baiboly (ny epistily ho an'ny Efesiana, ohatra) fa miara-belona sy niara-natsangana tamin'i Kristy ireo olom-boavonjy, ary miara-mipetraka aminy any an-danitra – Vatana, na 'Tena, iray' amin'i Kristy ny Fiangonana. Koa ahoana àry no mbola hisainana indray ny mety hanilihana ny efa 'Tena iray'amin'i Kristy any an-danitra ?

---

12. Romana 3. 24 • **13.** Romana 5. 9 • **14.** Romana 5. 1

Ny tany no resahina ao amin'ny Romana 11 fa tsy ny lanitra. Manamafy izany ny sary nosafidin'ny apôstôly horaisina – sarin'ny hazo. Tsy ny Fiangonana akory no asehon'io hazo oliva io fa ny firenena jiosy, ny 'oliva dia' kosa anambaràna ny Jentilisa. Hoy ny apôstôly : « Fa ianareo Jentilisa no itenenako... satria apôstôlin'ny Jentilisa aho » (and. 13). Nambara tamin'ny Jentilisa ny Filazantsara, kanefa 'hotapahina' izy raha toa ka tsy maharitra amin'ny fandehanana amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra (and. 22). Toy izany ihany koa ho an'ny rantsan'ny hazo oliva tsara, izany hoe ny Isiraely.

Moa hisy hongotana ve amin'ireo anisan'ny rantsan'i Kristy ka hamela toerana malalaka ho an'ny hafa ? Moa misy fiavahana ve ny Jiosy sy ny Jentilisa ao amin'io Tena io ? Moa tsy efa nilaza ve ny apôstôly Petera, raha niresaka ny amin'ny Jiosy sy ireo Jentilisa niova fo izy, nanao hoe : « fa tsy nataony misy hafa isika sy izy » ?[15]. Ary moa tsy efa nanoratra tamin'ireo Efesiana ve ny apôstôly Paoly nanao hoe : « fa Izy no fihavanantsika izay maha iray antsika roa tonta... mba hanakambanany antsika roa tonta ao amin'ny tenany ho olom-baovao iray, ka hanaovany

15. Asa 15. 8, 9

fihavanana, ary hampihavanany antsika roa tonta ho tena iray amin'Andriamanitra noho ny hazofijaliana » ?[16]

Tsy isalasalana mihitsy izany fa tsy ny Fiangonan'i Kristy akory no resahin'ny toko faha-11 amin'ny taratasy nosoratana ho an'ny Romana fa ny Jiosy sy ny Jentilisa, izay samy tompon' andraikitry ny fijoroana ho vavolombelon' Andriamanitra ety an-tany. Hanohitra an'ireo fampianarana sisa rehetra ambaran'ny Baiboly, mikasika ny fahazoana antoka ny famonjena, ny fandraisana ampahany avy ao amin'ny Soratra Masina, hanaporofoana fa mety ho very indray ny famonjena efa azon'ireo mpino tsy mitandrina fa mikivilavila famindra !

Efa voavonjy tanteraka ny fanahy.

Re ombieny ombieny ny fanazavana ny teny voarakitra ao amin'ny Filipiana 2. 12. Tsy ny amin'ny fanamarinana akory no asian'ny apôstôly resaka raha nanoratra izy nanao hoe : « Miasà amin'ny tahotra sy ny hovitra hahatanteraka ny famonjena anareo ». Asehony ho toy ny tanjona tratrarina ny famonjena, ao amin'ity epistily ho an'ny Filipiana ity, ary ho toy

16. Efesiana 2. 14-16

ny fanafahana rehefa mifarana ny hazakazaka. Ny finoana no hany hahazoana ny famonjena – moa tsy izany mihitsy koa ve no navalin'i Petera ny fanontanian'ilay mpiambina ny fonja tany Filipy ? « Minoa an'i Jesoa Tompo, hoy izy, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao »[17].

Rehefa mahazo ny famonjena amin'ny alalan'ny finoana isika vao antsoina mba hiasa fatratra, ho fanatrarana an'ilay fanafahana antsika farany. Asa tsy misy fitsaharana io, ady ataontsika amin'ilay mitady ny handavo antsika eny am-pandehanana. Nefa, iza amintsika moa no hahatratra an'io tanjona io raha mihevitra fa ny herin'ny tenany sy izay momba azy ihany dia ampy hiatrehana an'io ady io ? « Andriamanitra no miasa ao anatintsika na amin'ny fikasana na amin'ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony » (and. 13). Afaka ny hiandry amim-patokiana tanteraka ny « fananganana anaka dia ny fanavotana ny tenantsika » isika, noho izany[18]. Efa voavonjy tanteraka ny fanahintsika. Ny famonjena ny vatantsika no hany sisa andrasana !

---

17. Asa 16. 30-32 • **18.** Romana 8. 23

Finoana velona fa tsy an-tendro-molotra.

Maneho mazava ny andininy voalohany amin'ny epistily nosoratana ho an'ny Hebreo, fa ireo mpino jiosy no nanoratana azy ity. Tamin'ny alalan'ny mpaminany no nitenenan' Andriamanitra tamin'ireo razana tany aloha. Rehefa niteny tamin'ny alalan'ny « Zanaka Lahitokana » kosa Izy dia nandà sy nanombo an'io Zanany io tamin'ny hazofijaliana ireo vahoakany. Noho ny tsy fahalalana no nanaovan'izy ireo izany[19]. Nambara tamin'ireo Jiosy ireo ny Filazantsara, notorina taminy ny amin'ny fibebahana ; kanefa, rehefa nandre izy, rehefa nanaiky ny hitsofoka ho anisan'ny kristiana, dia nandà indray an'i Kristy ka niverina ho amin'ny jodaisma – fivavahana mandala ny fombandrazana jiosy. Tsy manana fomba hafa hamonjena azy ireo indray Andriamanitra : izany no nolazain'ny apôstôly Petera rehefa avy nitory an'io Jesoa voahombo teo amin'ny hazofijaliana io izy ! [20]

Ireo Jiosy izay nanaiky an-tendro-molotra ihany izany, fa tsy tena nanana ny fiainan' Andriamanitra tao anatiny, no tondroina eo amin'io Hebreo 6 io. Efa norenesin'izy ireo ny « teny tsaran'Andriamanitra », efa nandramany ary efa nanazava azy, kanefa nialany indray.

19. Asa 3. 17 • **20.** Asa 4. 12

Izany koa no toerana mbola misy an'ireo olona marobe manaiky an-tendro-molotra ihany ny finoana kristiana. Tonga « nandray ny Fanahy Masina » izy ireny. Mariho tsara fa tsy mba toy izany no filazana ampiasain'ny Efesiana 1. 13 ! Hoy indrindra ny filazany azy : « ...rehefa nino no nasiana tombokase tamin'ny Fanahy Masina ». Tsy mba fanombohan-kase tamin'ny Fanahy Masina, izay ataon'Andriamanitra amin'ireo zanany ho mariky ny maha fananany azy, no natao tamin'ireo olona ireo. Olona mody misalotra ny fiainana maha kristiana ireo, toa anisan'ilay tranon'Andriamanitra ety an-tany, « fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy »[21], kanefa tsy mba anisan'ny « tenan'i Kristy »[22].

Tsy misy mihitsy izany amin'ireo andininy notanisaintsika rehetra ireo, manambara fa mbola mety ho very indray ny famonjena efa azon'ny zanak'Andriamanitra. Tsy misy amin'ireo teny ireo milaza fa tsy azo havaozina indray ho amin'ny fibebahana ny mpino lavo. Tsy very akory ny famonjena efa azon'ny mpino iray raha sendra lavo izy. Ny hafaliana tovoziny ao amin'ilay fiombonana feno amin'ny Tompo kosa no ho voantohintohina. Zava-droa loha tena samy hafa mihitsy izany ![23]

---

21. Efesiana 2. 22 • **22.** Efesiana 1. 23 ; 4. 4 • **23.** Levitikosy 21. 21-23

FAMARANANA

Ao anatin'ny vanim-potoana mahaketraka tokoa no misy antsika ankehitriny. Ilaina ny hifantohantsika amin'izay adidy aman'andraikitra ankinina amintsika : « Fa ankehitriny izao dia ora tokony hifohazana »[24]. Natao ho antsika mihitsy koa izany antso izany. « Koa tsarovy izay toeranao fony tsy mbola lavo dia mibebaha, ka manaova ny asa voalohany »[25]. Mila mitandrina tsara ny amin'izay ho fandehantsika isika, na ny antsika manokana izany, na ny miaraka amin'ny besinimaro. Aoka hifanaraka tsara amin'ny antso iantsoana antsika ny fandehantsika[26].

Mety mbola hampisalasala tokoa ny tena maha voavonjy marina, na tsia, ny olona iray milaza hoe : « voavonjy aho, tsy ahoako intsony na ho tsara ny famindrako amin'ny fiainako sisa rehetra, na tsia ! » Andriamanitra irery ihany no mahay mamaky ny tena ao am-pon'ny olona. Izay mino, hoy ny ambaran'ny Soratra Masina dia tonga tia koa, satria narotsaka tao am-pony ny fitiavan'Andriamanitra, ary miseho indrindra amin'ny fitandremana ny Teniny izany fitiavana izany[27]. Izany indrindra no antony anehoantsika amin'ny asa ny finoantsika.

---

24. Romana 13. 11-14 • **25.** Apokalypsy 2. 5 • **26.** Fitomaniana 3. 40 • **27.** Jaona 14. 21-23

Raha izay fandehantsika indray anefa no iankinan'ny famonjena antsika, iza no sahy hilaza fa voavonjy ? Mainka hampikorontan-tsaina an'ireo mpino mbola rendremana, fa tsy hamoha azy mihitsy, ny fitadiavana hanaitra azy amin'ny alalan'ny filazana aminy fa tsy azo antoka ny fananany famonjena satria mivaralila be ihany, tsy araka ny tokony ho izy, izato famindrany.

Mifamatotra amin'ny an'Ilay Mpamonjy malalantsika ny fiainantsika : « Satria velona Aho dia ho velona koa ianareo »[28]. Hoy indrindra Izy raha nilaza ny amin'ireo ondriny, izay nomeny ny fiainana mandrakizay : « Tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin'ny tanako. Ny Raiko izay manome Ahy dia lehibe noho izy rehetra, ary tsy misy mahay mandrombaka amin'ny tanan'ny Ray »[29]. Tsy hiala amintsika intsony io famonjena miorina eo amin'ny asa lavorary notanterahin'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana io, ka noraisintsika tamin'ny alalan'ny finoana. Izany fahazoana antoka izany no antom-pifaliantsika sy fiadanana ho antsika.

Aoka tsy hisy mihitsy amin'ireo efa zanak' Andriamanitra hiahiahy ny amin'ny famonjena azy : miorina eo ambonin'izay nataon'i Kristy

---

28. Jaona 14. 19 • **29.** Jaona 10. 28-29

izany famonjena izany, fa tsy eo ambonin'izay nataontsika akory. Aoka anefa samy haneho ny finoany amin'ny asany avy ireo zanak' Andriamanitra, mba handre an'ilay feo manao hoe : « fantatro ankehitriny fa matahotra an'Andriamanitra tokoa ianao... ka hitahy anao tokoa Aho ». Hiravoravo amin'ilay fiombonana aina tanteraka amin'ny Ray sy ny Zanaka izy, amin'izay fotoana izay : « Hankao aminy izahay ka honina ao aminy »[30]. Ho tsapany ny fikorian'ny hafaliam-be ateraky ny fankatoavana : « Raha mitandrina ny didiko ianareo dia hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny itandremako ny didin'ny Raiko sy itoerako amin'ny fitiavany. Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo »[31].

---

30. Jaona 14. 23 • **31.** Jaona 15. 10-11

Asasoratra hafa mamahavaha ny lohahevitra mitovy amin'ny hitanao tato :

Ny fahazoana antoka ny famonjena sy ny fifaliana azo avy amin'izany, G. Cutting

Voavidy ho amin'ny mandrakizay, J. G Fijunvandraat

Ireo fahamarinana fototra mikasika ny famonjena, E. Dennett

METY HO VERY INDRAY VE NY FAMONJENA EFA AZON'NY MPINO ?

Amboaram-boky 10x15
ahitanao fanazavana tsotra
avy amin'ny Baiboly

Nahoana no navoaka izao amboaram-boky 10x15 izao ?

Natonta tamin'ny taratasy manify ireo boky, ary natao mitovy habe amin'ny valopy. Natao indrindra ho fampitomboana an'ireo mpamaky liana amin'ny Tenin'Andriamanitra, ireo bokikely rehetra ho hitanao ato amin'ity amboaram-boky ity. Amidy amin'ny vidiny mirary tokoa izy ireny, ary mamaly an'ireo fanontaniana fametraky ny olona matetika, araka ny amalian'ny Tenin' Andriamanitra azy.

Imprimé en France par IMÉAF – 26160 La Bégude de Mazenc
Dépôt légal : 4e trimestre 2007 - N° d'impression 70731